# MADAGASCAR

☺ *ALLO ! ALLO ! JUNIORAT,*
*Masera tanora miofana aolohan'ny Voady farany*

## NY FIAINANAY MIARAKA

Ny lohahevitra nosafidiany :

**"NY MAMPIAVAKA ANTSIKA SŒURS DU CHRIST"**



**Afaka mamela**

Mitaky : Fahatsorana,fanetren-tena, mahay manao dingana voalohany, fahaizana milefaka

**Afaka milaza amin'ny hafa :**

Mahay mandoka anao aho, miala tsiny aho

" **"Mandehana amin'ny fitiavana tahakan'i Kristy" Efz 5, 2**

Isan-kerinandro izahay dia maka fotoana manao jery todika mba hanatsara ny fifandraisanay sy hanamafy ny maha izy ny tsirairay. Manome fahafahana anaty, fijery miabo, fanetren-tena, fanekena ny tena.

Inona ihany koa no ataonay ? Fialam-boly iarahana. Isaky ny alarobia tolakandro mandritra ny ora iray manao kilalao samihafa : lôtô, zombà, karatra, baolina basikety… mba hahasalama sy hahatsara ny fifandraisana. Mikarakara zaridaina sy ny fiompiana akoho amam-borona ihany koa izahay. Anisan'ny fialam-bolinay izany sy ahafahanay mampiaianga ny fahaizana mamorona.

Ny 27 Desambra 2018, fetin'ny Fikambanana, ny kôminôte telo eto Soanierana (Tananarivo), nivoaka nanao fety niaraka ireo Associés izahay. Nandeha teny Soavimbahoaka tao amin-dry maseran'ny Guadeloupéennes.




Masera iray no nandray anay taminkafaliana tamina efitra lehibe ary nanazava taminay ny fisehoan'i Masina Maria tany Guadeloupe. Avy eo ny Sorona Masina notarihan'i Mompera Grégoire, fikambanan'ny Trinitera. Nisy 32 izahay, masera 17 ary Associés 15. Nampiombona tanteraka ny sakafo sy nahafahanay nifankahalala.

Nanaraka izany dia nihazo ny toerana misy ny fasan'i frera Raphael Louis Rafiringa olontsambatra izahay.




Sahabo ho tamin'ny 3 tolakandro dia samy namonjy fodiana.

***Ny kôminôten'i Juniorat***